FOTOTRY NY ASA FANOMPOANA I

NY FITIAVANA LALI-PAKA SADY AZO TSAPAI-TANANA

1- NY FITIAVANA = Voalohany amin'ny zavatra rehetra

Isika dia nantsoin'Andriamanitra mba : **« hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ».** Ef 3.17

Fantatsika tsara fa raha ara-Baiboly ny fitiavana dia loha-laharana amin'ny zavatra rehetra. Dia mety hieritreritra isika ka hanao hoe : inona ary no antony handinihana izany fitiavana izany amin'ny fampianarana olona hanompo an'Andriamanitra.Tsy toy ny mihemotra indray va izany ?
Matetika dia misy elanelana be ny teoria sy ny fampiharana.
Rehefa hitantsika ny olana misy ao anatin'ny fiangonana, olana matetika dia vokatry ny fimonomonomana, fialonana, na asan'ny nofo hafa koa, dia matetika isika no tonga saina ka manao hoe tsy tena iainan'ny mpino ny fitiavana.

Raha tsy AZO + VOATELINA + AMPIHARINA ny fitiavana, ary raha tsy tena raisina ho fototry ny fiainana izany dia tsy misy antony ny lesona manaraka.
Ary na dia ireo toetra tsara mety ho azo avy amin'ny Fanahy Masina aza dia mety tsy hitondra fitahiana.
Ny fitiavana no siran'ny fiainana kristianina. Raha tsy misy sira ny fiainana kristianina dia tonga matsatso.
Ny Baiboly dia milaza, ohatra, ny finoana dia miasa amin'ny fitiavana.(Gal 5.6)
Izany dia midika hoe : ny finoana tena mahomby = mirindra amin'ny Fitiavana = arisiky ny fitiavana = tanterahina miaraka amin'ny fitiavana..

- Finoana tsy misy fitiavana dia lasa firehetana fatratra loatra,
- fahintsiana tsy misy fitiavana dia lasa tsy fandeferana.
- Fahamarianana tsy misy fitiavana dia lasa fitsikerana .
- fitahiana tsy misy fitiavana dia lasa fitiavam-bola
- hamoram-panahy tsy misy fitavana dia lasa fihatsaram-belatsihy.
- Ny hevin'ny fandamianana lasa faniriana mafy loatra.
- Ny hevin'ny fandraisana andraikitra lasa tsy fahamendrehana.
- Ny fahatsorana lasa tsy fahalana fomba.
- Ny faharanitantsaina lasa fahafetsena…sns.

Izay zavatra tsara rehetra tsy misy fitiavana dia mora mivadika amin'ny zavatra ratsy.
Izany no mahatonga ny zanak'Andriamanitra betsaka no miharatsy raha tokony hihatsara ny fiainany rehefa niova fo.
I Cor 13.2 : **« Kanefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho ».**

-Isika izay manana andraikitra ao amin'ny asa fanompoana ny tenan'i KRISTY dia tsy maintsy ho fakan-tahaka (modely) ny amin'ny fandrosoana amin'ny fitiavana.
- Ny alika dia tsy afaka hiteraka saka,
- Fa isika tsirairay dia samy hanana zanaka aram-panahy izay hanahaka antsika ihany.
- Raha olona mpitsaratsara isika dia ho mpitsaratsara koa ny zanakantsika aram-panahy.
- Raha mandeha amin'ny fitiavana isika dia manoro azy ireo ny làlana tsara.
- Ary izany dia mazava ho azy raha fantatsika fa :

2- NY FITIAVANA DIA TOETRAN'ANDRIAMANITRA

1Jn 4.16 : **« Andriamanitra dia Fitiavana »**
Voalaza tamintsika koa fa Sal 145.8 **« Mahari-po sady be famindram-po Izy »** sy **« Mamindra-fo sy miantra »** Sal 145.8

Ireo hatsara-toetra (fanahy) roa ireo dia toetra manokana izay avy amin'ny Tompo.
Ary dia tena zava-dehibe mihintsy ho antsika izay voaantso ny hanahafantsika azy sy ny hahafantarantsika ny atao hoe fiantrana sy famindram-po.

Fiantrana : dia ilay hery manosika anao hijaly eo am-pahitana ny fahorian'ny hafa.
Ny olona manana fiantrana dia ireo izay mijaly eo ampahitana na fieritreretana ny hafa izay ao anatin'ny fijaliana = ireo very, ny rahalahy sy anabavy voafatotra, ny marary, ny kilemaina, ny voailikilika…sns.
Raha ao anatintsika izany fihetseham-po izany dia tsy mamela antika hijanona fotsiny amin'izao raha tsy efa hitantsika ny fomba omen'Andriamanitra HANAMAIVANANA NY FIJALIA'NY HAFA.
Ny tsy fahitana izany ao anatintsika dia tokony hanaitra antsika mba ho tonga saina.

Famindram-po : Ny fahafahana mamela heloka. Andriamanitra dia tsy mpanameloka fa kosa mora mamela heloka.
Andriamanitra dia matetika no eritreretin'ny olona fa mpanameloka na mitady mandrakariva ny fahadisoantsika.
Izany dia fandrika iray fanaon'ny satana.
Andriamanitra dia mora mamela heloka. Izy dia tsy mitady ny hanamelohana antsika, fa ny mifanohitra amin'izany.

Ny kristianina dia tokony hitandrina mba tsy hifandany amin'ny satana ka matetika no manameloka sy miampanga ny hafa.
Ny mpanompon'Andriamanitra dia tsy maintsy mpitrotro am-bavaka ny vahoaka fa tsy hiampanga azy eo anatrehan'Andriamanitra.
Ny olona mpamindra-fo dia olona mora mamela heloka.

-Rehefa mitombo ao amintsika Andriamanitra dia mitombo ao amintsika ny Fitiavana.
-Rehefa mitombo ao amintsika ny Fitiavana dia mitombo toy izany koa ny famindram-po sy fiantrana.
-Marihina fa Andriamanitra dia tsy hoe be famindram-po sy fiantrana ihany fa « FENO »

-Ny ahafantaranao fa mizotra ao anatin'ny fitiavana ianao dia satria ireo toetra ireo dia afaka mivelatra ao anatinao ary dia MAMENO ANAO HATRANY HATRANY.

FANONTANIANA

- Mba manintona anareo ve ny fijalian'ny hafa ?
- Mba efa nisy zavatra nataonao ve manoloana izay fanintonana izay, mba efa nitady vaha-olana hanampiana azy ve ianao ?
- Mora mamela heloka va ianao ?

3- MANDEHA AO AMIN'NY FITIAVANA DIA MITOVY AMIN'NY HOE : MAHAFANTATRA AN'ANDRIAMANITRA.

1Jn 4.8 : **« Izay tsy tia dia tsy mahalala an'Andriamanitra. »**
Jer 9.23 : **« … Sy ny fahalalany ahy …»**

Tian'Andriamanitra ny ahafantarantsika avy.
Ny fomba fitsaran'Andriamanitra dia tsy mitovy amin'ny fitsarantsika olombelona.

-Matetika isika no mora taitran'ny zavatra hita maso. Amin'ny fampisehoana hery, ohatra, ary dia mieritreritra isika fa ny olona manam-pitiavana ihany no afaka mampiseho ny fahagagana ataon'Andriamanitra.
-Ny fahagagana dia zava-dehibe. Tena ilaina. Fa izany tsy ampy entina hanaporofoana fa ny olona nataon'Andriamanitra fitaovana tamin'izany dia mandeha am-pitiavana.

-Jesosy dia hilaza amin'ireo sasany izay maminany sy ireo izay nanao fahagagana tamin'ny anarany hoe : **« Tsy fantatro akory ianareo …dia ianareo izay mpanao meloka ».**Matio 7 : 23
Io dia zavatra iray mampikorontana olona maro ka mahatonga azy manao hoe Ahoana no ahafahan'ny olona iray miaina amin'ny fahagagana nefa tsy manam-pitiavana ?

Antony :

1. Andriamanitra dia manamafy hatrany ny teniny. Dia izay teniny voatonona ara-dalana na tamin'ny alalan'ny olona anakiray izay tsy miaina izany teniny izany aza. (Marka 16.20).

Nisy mpanompon'Andriamanitra iray indray andro nilaza tamiko : « vao avy tafalatsaka tao anatin'ny ota aho indray tolak'andro, ny hariva anefa raha nametra-tanana tamin'ny olona iray jamba aho dia nahiratra izy.

2. Ny Hositry ny Fanahy dia tsy mora miala tao amin'ny olona iray izay efa nohosoran'Andriamanitra. Manana ohatra iray isika ao anaty Baiboly i Saoly. Nandritra izany fotoana izany ireo famantarana dia mbola nanaraka azy ihany. Aza hadino fa Andriamanitra dia tsy mora sosotra.
3. **Ny Hery** dia azo avy amin'ny **finoana** fa tsy avy amin'ny fitiavana**.**

Kanefa isika dia nantsoina mba hiaina ireo roa ireo hahatonga antsika ho olona ara-dalana.
« Aleo Fitiavana tsy misy hery toy izay hery tsy misy fitiavana ».
Aleo olona tsy karismatika tonga any an-danitra toy izay olona karismatika nefa mandeha any amin'ny helo, sa tsy izany ve ?
Aza mianona fotsiny ao amin'ny fanantenan-diso noho ny famantarana sy fahagagana izay miseho manaraka anareo. Diniho tsara ny tenanareo raha tena mifototra amin'ny famindram-po sy fiantrana na tsia ny fihetsikareo sy ny fombafombanareo andavan'andro. Dia izany no tena ahafantaranareo azy.

4- FITIAVANA = ASA

- JESOSY dia nilaza hoe : « izao no ahafantarana fa mpianatro hianareo raha mifankatia ».
- Mba hahafantaran'ny olona, dia tsy ampy ny hoe manam-pitiavana ao anatin'ny fo. Fa mila hita ety ivelany amin'ny alalan' ny asa izany = asa amim-pitiavana.

Araka ny I Kor 13.3 ny asa na fihetsika rehetra dia tsy voatery fanaporofoana ny tena fitiavana fa ny tena fitiavana kosa dia miteraka asa.
Ary izany no hamafisin'i Jakoba ao amin'ny epistiliny fa**: Ny finoana dia tokony arahin'asa.**Jakoba 2 : 14.16
Izy dia nanamafy fa « Raha misy rahalahy na anabavy tsy manan-kitafy sady tsy manan-kohanina isan'andro, ka misy aminareo manao aminy hoe : Mandehana amin'ny fiadanana, mamindroa, mivokisa, kanefa tsy omenareo azy tsinona izay tandrifiny ho an'ny tenany, inona moa no soa azo amin'izany ?

« Ny Fitiavana an'Andriamanitra dia ny fitandremana ny didiny » Ijn 5.3.
Ny didy faharoa mitovy amin'ny voalohany araky Jesosy dia ny hoe : **« Tiava ny namanao tahaka ny tenanao »** Mat.22:37-40.
Tiavina ny namana amin'ny alalan'ny asa mivaingana (azo tsapai-tanana). Mahatsara mandrakariva ny mahalala fa misy mpitia (tiavina). Ary dia mbola mahatsara bebe kokoa ny mahatsapa fa azo tsapai-tanana izany.
Jesosy dia nanome antsika fitsipika toy izao hoe : **« Na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany. »** Mat. 7.12.

5- NY FITIAVANA = FANOMEZANA

Jn 3.16 : **« Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao nomeny ny zanany lahy tokana … »**
Rehefa mitombo ao anatintsika ny fitiavan'Andriamanitra dia asehony manokana amin'ny fanomezana izany.Rehefa mitia olona iray dia tokony mitady izay zavatra azo atolotra azy.
Betsaka ny olona ao anatin'ny fiangonantsika no mazana mitady izay zavatra azon'ny hafa omena azy nefa isika mila kristianina izay miezaka mitady ny tombontsoan'ny hafa na tombontsoa iombonana.
Jesosy dia milaza fa : **« Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray »** Asa 20.35

FANONTANIANA

- Izaho ve mba efa tafiditra ao anatin'ny sehatra hoe : Nahasambatra ahy kokoa ny nanome noho ny nandray ?
- Mety ho afaka tena hanompo ny tenan'i Kristy ve ny mpanompon'Andriamanitra iray raha tsy mitoetra amin'izay fepetra izay ?

1Jn 3.17,18 « Ary izay rehetra manam-panana amin'izao fiainana izao, ary mahita ny fahantran'ny rahalahiny ka mihirim-belona aminy, ahoana no itoeran'ny fitiavan'Andriamanitra ao anatiny ?
Inona moa no antony handehanana lavidavitra kokoa raha ohatra ka ireo zava-dehibe ireo no tsy azo tsara. Ny fon'Andriamanitra dia mitempo ho an'ny mahantra sy ny malahelo. Betsaka ny andinin-tsoratra Masina no manambara izany, ary dia hita mazava tsara izany ao amin'ny Gal 2.10

Raha tena mameno anao ny fitiavan'Andriamanitra dia ho hita taratra eny aminao izany amin'ny fitiavana ireo sokajin'olona ireo.
Matetika isika no mitsara fa tsy manampy akory.
Ny fo iray izay feno fiantrana dia tsy afaka hianona fotsiny amin'izao raha tsy efa nanampy izay olona malahelo.Ary izany fanampiana izany dia tokony hihoatra lavitra noho ny atao any am-piangonana.Ary tokony hatao koa amin'ireo olona « ivelan'ny fiangonana ».
William Booth, olom-pifohazana, dia nilaza hoe : sarotra ny mitory Filazantsara amin'olona noana.
Ny fitiavana dia fanomezana, raha sarotra ho anao ny manome dia sarotra ho anao koa ny mitia.

FANONTANIANA :

Mba manana toerana lehibe ato am-poko ve ny mahantra ? ary amin'ny fihetsiko ?

6- FITIAVAN'ANDRIAMANITRA = MIHOATRA LAVITRA NOHO IZAO TONTOLO IZAO

Ahoana no fijerin'izao tontolo izao antsika izay mpianatr'i Kristy raha tsy manam-pitiavana mihoatra ny azy isika ?
JESOSY dia nanambara zavatra maro noentiny hanoroana antsika ny fomba andehanana mihoatra lavitra noho izao tontolo izao ny amin'ny Fitiavana :

- **« Tiavo ny fahavalonareo… »** Mt 5.44
- **« Tsy misy fitiavana lehibe noho ny manome ny ainy ho an'izay tiany »** Jn 15.13
- **« Asao izay olona tsy afaka manasa anareo »** Lioka 14 : 12,13.
- **« Raha misy mikapoka ny takolakao havanana dia omeo azy koa ny ankavia »** Mt 5.39.
- Paoly dia niteny hoe : Sedrao fitiavana ny fankahalana. Omeo hanina ny fahavalonao raha noana izy.
- Tsy mamaly faty (Rom 12 : 17 - 21)

Isika dia mila miaina izany zavatra ambonimbony kokoa izany fa betsaka no efa nangatsiaka.
Ity fampianarana ity dia natao mba hiverenana hiaina izany fanokanantena amin'i Jesosy fankatoavana ny teniny izany.
Ny zavatra tena mampalahelo dia matetika ny manakana antsika tsy hiaina izany fivelarana ambonimbony kokoa amin'ny fitiavana izany dia ireo mpitandrina izay matahotra sao dia lasa mihoatra noho ny mpampianatra ny mpianatra.ka mampahery ny olona amin'ny mba « hananana fahendrena mihoatra ny tokony ho izy »
Ary izany no tokony ahatsiarovana ireto zavatra manaraka ireto indrindra ianao izay te-hanompo an'Andriamanitra :

- Manompo an'Andriamanitra = manompo ny olona
- Mba ahafahanao manompo tsara ny olona dia tsy maintsy tia azy ianao.
- Aza mianona fotsiny amin'ny maha-kristianina mihaja
- Mikatsahà ny hiaina marina ny tenin'Andriamanitra
- Ary izany dia amin'ny olona rehetra na inona na inona azonao anampiana azy.
- Ny Mpiandry tsara manome ny ainy ho an'ny ondriny (Jn 10.11)

7- NY FITIAVANA = FAMELAN-KELOKA

Ef 4.32 : **« Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'ny Kristy. »**

Andriamanitra dia nanome antsika ny zanany tamin'ny fitiavana mba hahatonga antsika ho voavela heloka. Ny famelan-keloka dia tsy azo sarahina amin'ny fitiavana.

- Tsarovy tsara fa tsy hoe voavelanao ny helok'ireo izay nanao ratsy taminao taloha fa ankehitriny ianao dia mora mamela heloka koa amin'ireo izay manitsaka anao, manomboka amin'ny vadinao, ny zanakao, ny rahalahinao, ny anabavinao…

Mamelà heloka amin'ny famelan-kelok'Andriamanitra izay manadino tanteraka. **« Ary tsy ho tsarovako intsony ny fahotany. »** (Heb 8.12).

Efa hitantsika ny atao hoe famindram-po fa fahamorana mamela heloka.

Mba ahafahanao mora mamela heloka dia mila mianatra ny :

- manalefaka ny zava-mitranga (dédramatiser) satria Andriamanitra dia manova ny zava-mitranga (ny ozona ho fitahiana).
- Tsy dia mieritreritra ny tena loatra (ny problème-ko) satria misy ny lalàna ara-panahy hoe : « rehefa mikarakara ny hafa aho dia Andriamanitra kosa mikarakara ny momba ahy. »
- Tsy miaina intsony amin'ny zavatra taloha fa ny zavatra ankehitriny hiatrehana ny ho avy, tsy afaka manova ny zavatra efa lasa isika fa ny fiainanao androany mety hanananao ho avy tena tsara.

Mamela heloka ny hafa ary mamela heloka ny tenanao koa satria :

8- <u>NY FITIAVANA = (koa) FITIAVANA NY TENA</u>

« Tiavo ny namanao tahaka ny tenanao » (Lev 19.18)

Mandeha amin'ny fitiavana dia ny mitia an'Andriamanitra, mitia ny namana ary ny didy anakiray izay tsy dia hita loatra sady tsy azo loatra sady tsy iainana dia ny hoe :MITIA NY TENA

- Betsaka ny olona no te-hitia ny hafa nefa tsy miraharaha ny tenany Kanefa Andriamanitra dia miantso antsika mba hamantatra ilay toetra vaovao azontsika ao amin'ny Kristy ary eto dia fitiavana tsy azo afangaro amin'ny fitiavan-tena (égoïsme – égocentrisme).
- Raha ohatra fa ny tsy mitia ny namana dia midika koa hoe tsy tia an'Andriamanitra (I Jn 4.20).Dia toy izany koa raha tsy mitia ny tenantsika isika satria ari-tanan'Andriamanitra.
- Isika koa dia nohariana tahaka ny endrik'Andriamanitra. Ary raha ratsy ny fitiavanao anao dia ratsy koa ny fitiavanao ny hafa.
- Andriamanitra dia tia anao, ary nahoana ianao no mieritreritra fa tsy mendrika hitia anao ianao ?
- Andriamanitra dia niantso anao mba hanahaka azy : tia anao izy, koa mitiava ny tenanao.
- Natolotr'Andriamanitra antsika ny zanany satria mendrika ho tiavina ianao noho izany ny fanajanao ny tenanao dia manome voninahitra ny famonjen'i Jesosy anao.
- Manasitrana ny ao anatinao ny Tompo amin'ny fahatsapanao fa tia ny ao anatinao ianao. Mbola tena afaka alalininao izany amin'ny Lesona hoe : « Fanasitranana ny ao anaty .»

<u>FANONTANIANA (tsotra)</u>

- Tia ahy ve aho ?

Mbola ho hitantsika koa ny fitiavana ao anatin'ny fianakaviana amin'ny Lesona hoe : « Ny fifandraisantsika amin'ny fianakaviana. »

9- NY FITIAVANA = FITIAVANA NY FIANGONANA

Andriamanitra dia miantso antsika hitia ny Fiangonana tenan'i Kristy, ary izany dia tsy mety raha tsy misy fandinihina tsara, ny amin'ireo izay mahaleo tena tsy mitovy fomba fijery, na fomba fiainana ny finoana amintsika.
Ny mpino (kristianina) rehetra izay nateraka indray dia mendrika ny hohajaintsika sy hotiavintsika avokoa.
Antsoina koa isika mba ho tia ny fiangonantsika izany hoe :

- mitia izay malemy (Rom 14)
- mitia izay tsy mitovy amintsika
- mitia izay « sarotra zakaina ».
- Ao amin'ny tenan'i Kristy ny fitiavana dia oharina amin'ny rano eo amin'ny tonontaolana izay manamora ny fihetsehan'ny taolana nefa tsy mampiady azy ireo.
- Mba ahafahana mitantana fiangonana iray dia tsy maintsy mitia azy, mitia ny maha-fiangonana azy, mitia ny fanahy ao anatiny ary maniry fatratra ny hampiroborobo azy.
- Fintinin'ny ao amin'ny Ezékiela 34.2-16 ny zavatra tian'Andriamanitra hataon'ny mpiandry ao am-piangonana.

10- NY FITIAVANA = FANOMEZAN'ANDRIAMANITRA

« Ny Fanahy Masina izay nomena antsika, no netiny nampidina ny fitiavan'Andriamanitra ho ao am-pontsika. » Rom 5.5

Eo am-pamakiana ny lesona Fitiavana aza mieritreritra fa vita amin'ny herin'ny tenanao izany.
Ny fitiavana tena marina = fitiavan'Andriamanitra dia fanomezana avy amin'Andriamanitra izay ny Fanahy Masina ihany no manaparitaka azy eo amin'ny fiainantsika.

- Raha tadiavintsika izany dia ataony,
- Ary arakaraky ny faniriantsika hitoeran'izany fitiavana izany ao antintsika
- Ka noho izany dia tsara ny ivavahantsika toy izao hoe : **« Tompo, fenoy amin'ny fitiavanao aho , ampio aho mba hamela izany fitiavana izany hiaina ato anatiko… »** (I Tes 3.12)
- Raha avelantsika tena hameno antsika ny fitiavan'Andriamanitra dia afaka mitia ami'ny alalantsika Andriamanitra.

11- NY FITIAVANA = HERY

- Aza mieritreritra isika fa ny fitiavana dia zavatra adaladala na hoe fahalemena.
- -Ny fitiavana no **hery lehibe indrindra** misy ety an-tany.
- Ny baiboly dia milaza : **« na ny ranobe tsy mahefa mamono ny fitiavana »** (Tononkiran'i Salomona 8.7)
- Ny rano ao amin'ny baiboly matetika no oharina amin'ny vahoaka, izany dia midika fa ny fitiavana dia manankery handrava na hampijanona ny herin'ny olona (na ezaka ataon'ny olona) izay mitady hanimba na hanao ratsy.
- Araka ny efa hitantsika ny fitiavana dia toetran'Andriamanitra ka noho izany izay feno fitiavana dia feno an'Andriamanitra ary dia tonga « Fitahirizana hery mandalo ».

Ny devoly dia tsy mahazo aina raha vao misy fifankatiavana, ary izy dia afaka mamela olona iray raha omena fitiavana izany olona izany na dia tsy roasina amin'ny vava na ametrahana tanana aza.
Asio tena fifandraisana amim-pitiavana ao an-tranonao dia handositra lavitra anao satana.

FANONTANIANA

Efa mba noraisiko ve fa ny fitiavana dia hery ?

12- FAMARITANA NY FITIAVANA = I KOR 13 : 4-7

Hotanisaina ireo teny ireo ary arahina famakafakana mba ho azo tsara.

Ny Fitiavana :

- **mahari-po** :

Faharetana amin'ny zavatra avy amin'Andriamanitra, izay matetika no tiantsika ho tonga faingana, sy faharetana amin'ny olona hafa koa (ary amin'ny tenantsika).

- **mora fanahy** :

Manolo-tena hanampy ny hafa sady mahazo ny manjo azy ireo

- **tsy mialona** :

Mahay mifaly ao amin'ny fahasambaran'ny hafa

- tsy mirehareha : Izaho dia …

- **tsy mieboebo** :

Fantaro fa izay rehetra ataontsika dia noho ny famindram-pon'i Kristy sy Fanahy Masina.

- **tsy manao izay tsy mahamendrika** :

Manana fitsipika lalina ny mba ho olona mahatoky

- **tsy mitady ny azy** :

Inona no azoko atao ho an'ny hafa, hoan'ny fiangonana, ho an'i Tompo…

- **tsy mora sosotra** :

Izaho dia tsy afaka manaiky ny haratsian-toetrako : « tena efa toy izany no toetrako. »

- **tsy manao otri-po** :

Misy dika-teny manao hoe « mitady ny soa hoan'ny tsirairay.

- **tsy mifaly amin'ny tsy fahamarinana** :

Izaho dia tena mankahala ny tsy fahamarinana

- **mifaly amin'ny fahamarinana** :

Rehefa mandresy ny fahamarinana dia dibo-kafaliana ny foko.

- **mandefitra ny zavatra rehetra** :

Mora mamela heloka, mitady ny hanala tsiny olona fa tsy mora manameloka

- **mino ny zavatra rehetra** :

Izany tsy midika fa minomino foana, fa ny hoe mino izay lazaina ahy aho ary matoky ny olona.

- **<u>manantena ny zavatra rehetra</u>** :

Eo am-piandrasana aho ny amin'ny asan'ny Tompo na eo amin'ny fiainana mandrakizay na ny amin'ny fahatsaran'ny fiainako ankehitriny.

- **<u>maharitra ny zavatra rehetra</u>** :

Tsy ny zavatra rehetra dia hozakaiko avokoa fa manana faharetana aho amin'ny maha-kristianina ahy.

Tsara ny andinihina miadana tsara samirery ireo tenin'Andriamanitra ireo ary raisina tsirairay. Dia afaka mandinika ny toerana misy azy avy ny tsirairay amin'ny fitiavana, efa mandroso amin'ny lafiny rehetra ve sa ny vitsivitsy ihany sa tena mbola tsy misy.
Tsy hoe entina manamelontena fa hahafahana mandroso lalina kokoa ary izany no tanjon'ity lesona ity.
Vakio, dia diniho tsara ireo, fa tokony hanatsara ny fiainanao dieny izao ankehitriny izao, fa raha tsy izany dia lasa fanitaram-pahaizana fotsiny ny fampianarana rehetra.
Enga anie ho tonga tenin'ny fiainana amin'ny tsirairay ny fahazoanao ity lesona ity.
Mangataka ny Fanahy Masina aho mba hitantana anareo sy hanindry anareo handeha lalindalina kokoa amin'ny fitiavana mba hahatsara anareo eo imason'Andriamanitra satria

« Izay mitoetra ao amin'ny fitiavana no mitoetra ao amin'Andriamanitra » (1Jn4.16).